REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

ANTENIMIERAMPIRENENA

---------------

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-17

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY ZOMA 8 NOVAMBRA 2024 KA HATRAMIN'NY TALATA 3 DESAMBRA 2024**

Fivoriana faha-8
Natao ny
Alatsinainy 11 Novambra 2024
- Tolak'andro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette
- Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

**FOTOANA:** Alatsinainy 11 Novambra 2024, tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro.

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 46; tsy tonga: 116; voaala tsiny: 01

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Zoma 8 Novambra 2024 ka hatramin'ny Talata 3 Desambra 2024.

Nitohy ny Alatsinainy 11 Novambra 2024, tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, Mpampakateny Jeneraly Lefitra.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanatontosany izany.

Rehefa izay, nanambara ny tenany fa nisy ny fivorian'ny Birao Maharitra tamin'ny Zoma faha-8 Novambra 2024 lasa teo nandinihana ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena hapetraka amin'ny tapany faharoa amin'izao fivoriana ara-potoana izao. Tamin'ny maraina teo koa, nisy ny "Conférence des Présidents" nandinihana sy nandaniana an'izay volavolam-pandaharam-potoana izay.

Taorian'izay fivoriana izay anefa, nisy ny volavolan-dalàna miisa roa avy tany amin'ny Governemanta dia ny laharana faha-0018/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 octobre 2024 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Africain de Développement (FAD) agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (FAT)» sy ny laharana faha-019/2024 tamin'ny 16 Oktobra 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 octobre 2024 entre la république de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) ihany koa izay hampidirina amin'izao fandaharam-potoana izao.

Ny asam-baomiera mikasika azy roa ireo dia hatao ny Talata faha-19 Novambra 2024 ary ny fivoriambe kosa amin'ny Alatsinainy faha-25 Novambra 2024 no hanaovana azy.

Izay no fanovàna nisy tamin'ny fandaharam-potoana nolaniana taorian'ny Diniky ny Filoha, izay natao farany teo.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny Diniky ny Filoha.

Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY «CONFERENCE DES PRESIDENTS» NY ALATSINAINY FAHA-11 NOVAMBRA 2024**

Nivory ny Alatsinainy faha-11 Novambra 2024 nanomboka tamin'ny 10 ora sy sasany, maraina, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Zoma faha-8 Novambra 2024 tamin'ny 2 ora, tolak'andro.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory.

Nanamarika Andriamatoa Filoha, fa ny fandaharam-potoana ny Talata faha-12 Novambra 2024 dia miankina amin'ny fahafahan'ireo mpikambana ao Governemanta voakasik'izany.

Koa satria fandinihana sy fandaniana ny volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolam-panjakana, taona 2025 no tena anton'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao dia niangavy ny tenany mba ho avy avokoa ny Solombavambahoaka mpikambana amin'ireo vaomiera handinika izany ary samy ho tonga daholo ny Solombavambahoaka rehetra mandritra ny fivoriambe ny faha-18 Novambra sy ny faha-29 Novambra 2024.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Zoma faha-8 Novambra 2024 ka hatramin'ny Talata faha-3 Desambra 2024 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alatsinainy faha-11 Novambra 2024 amin'ny 3 ora, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

**ORDRE DU JOUR RECTIFIE**
**Pour la période du Vendredi 08 novembre 2024 au Mardi 03 décembre 2024**

**VENDREDI 08 NOVEMBRE 2024**

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

**LUNDI 11 NOVEMBRE 2024**

10H 00: Conférence des Présidents - (*Salle B.P)*

15H 00: **SEANCE PLENIERE** - (*Salle des Séances)*

**Adoption de l'Ordre du Jour**

**MARDI 12 NOVEMBRE 2024**

15H 00: TRAVAUX DE LA COMMISSION DE L'EDUCATION NATIONALE - (*Salle des Séances)*

- **Commission de l'Education nationale et les Députés intéressés**
  Rencontre avec la Ministre de l'Education nationale

**MERCREDI 13 NOVEMBRE 2024**

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission des Affaires Étrangères** (Saisie au fond)
- **Commission du Commerce** (Saisie pour avis)
- **Commission Juridique** (Saisie pour avis)

- Projet de loi n°021/2024 du 23 octobre 2024 autorisant la ratification de l'Accord portant création de la Zone de Libre-Echange Continentale Africaine (ZLECAf).

**MERCREDI 13 NOVEMBRE 2024**

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission Décentralisation et Aménagement du Territoire** (Saisie au fond)
- **Commission Économie et Finances (**Saisie pour avis)
- **Commission de l'Evaluations des Politiques Publiques (**Saisie pour avis)
- **Commission Juridique** (Saisie pour avis)

- Projet de loi n°017/2024 du 25 septembre 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au deuxième financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience du Grand Antananarivo (PRODUIR FA2), signé le 12 juin 2024 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)

**<u>SEANCES PLENIERES</u>** - *(Salle des Séances)*

**<u>LUNDI 18 NOVEMBRE 2024</u>**

<u>10H 00</u>: - Présentation du Projet de loi n°022/2024 portant Loi de Finances pour 2025 par Madame la Ministre de l'Economie et des Finances.

<u>15H 00</u>: - Projet de loi n°021/2024 du 23 octobre 2024 autorisant la ratification de l'Accord portant création de la Zone de Libre-Echange Continentale Africaine (ZLECAf)

**<u>MARDI 19 NOVEMBRE 2024</u>**

<u>09H 00</u>: <u>TRAVAUX DES COMMISSIONS</u> **-** (*Salle BP)*

- **Commission Économie et Finances** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Evaluations des Politiques Publiques (**Saisie pour avis)
- **Commission Juridique (**Saisie pour avis)

- Projet de loi n°018/2024 du 16 octobre 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 octobre 2024 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Africain de Développement (FAD) agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (FAT)

<u>15H 00</u>: <u>TRAVAUX DES COMMISSIONS</u> **-** (*Salle BP)*

- **Commission Économie et Finances** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Evaluations des Politiques Publiques (**Saisie pour avis)
- **Commission Juridique (**Saisie pour avis)

- Projet de loi n°019/2024 du 16 octobre 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 octobre 2024 entre la république de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD)

**<u>MERCREDI 20 NOVEMBRE 2024</u>**

<u>10H 00</u>**:** **<u>SEANCE PLENIERE</u>** - (*Salle des Séances)*

**- Présentation du Projet Filets de Sécurité et de Résilience par le Fonds d'Intervention pour le Développement (FID).**

**JEUDI 21 NOVEMBRE 2024**

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission Économie et Finances** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Evaluations des Politiques Publiques (**Saisie pour avis)
- **Commission Juridique (**Saisie pour avis)

- Projet de loi n°023/2024 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au Programme Régional de Préparation aux situations d'urgence et d'Accès à une Reprise Inclusive (REPAIR) – Programme Séquence Phase I, signé le 09/08/2024 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)

15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission Économie et Finances** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Agriculture et de l'Élevage (**Saisie pour avis)
- **Commission de l'Evaluations des Politiques Publiques (**Saisie pour avis)
- **Commission Juridique (**Saisie pour avis)

- Projet de loi n°020/2024 du 16/10/2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet «Accroître la résilience au changement climatique des petits exploitants bénéficiant des services du programme de chaînes de valeur agricoles inclusives (DEFIS+), conclu le 31 Juillet 2024 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA).

**SEANCES PLENIERES** - (*Salle des Séances)*

**LUNDI 25 NOVEMBRE 2024**

10H 00: - Projet de loi n°018/2024 du 16 octobre 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 octobre 2024 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Africain de Développement (FAD) agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (FAT).

11H 00: - Projet de loi n°019/2024 du 16 octobre 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt au financement du Programme d'Appui à la Gestion Financière et la Résilience Economique, conclu le 03 octobre 2024 entre la république de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD).

**MARDI 26 NOVEMBRE 2024**

10H 00: - Projet de loi n°017/2024 du 25 septembre 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au deuxième financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience du Grand Antananarivo (PRODUIR FA2),

signé le 12 juin 2024 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

15H 00: - Projet de loi n°023/2024 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au Programme Régional de Préparation aux situations d'urgence et d'Accès à une Reprise Inclusive (REPAIR) – Programme Séquence Phase I, signé le 09/08/2024 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

16H 00: - Projet de loi n°020/2024 du 16/10/2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet «Accroître la résilience au changement climatique des petits exploitants bénéficiant des services du programme de chaînes de valeur agricoles inclusives (DEFIS+), conclu le 31 Juillet 2024 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA).

**MERCREDI 27 NOVEMBRE 2024 - JEUDI 28 NOVEMBRE 2024**
**et VENDREDI 29 NOVEMBRE 2024**

A partir de 10H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission Économie et Finances** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Evaluations des Politiques Publiques (**Saisie pour avis)
- **Commission Juridique (**Saisie pour avis)

- Projet de loi n°022/2024 portant Loi de Finances pour 2025

**SEANCES PLENIERES** - (*Salle des Séances)*

**VENDREDI 29 NOVEMBRE 2024**

A partir de 15H 00: - Projet de loi n°022/2024 portant Loi de Finances pour 2025

**LUNDI 02 DECEMBRE 2024**

10H 00 : **- Election du représentant de l'Assemblée nationale au sein de la Commission Malagasy de l'Informatique et de la Liberté (CMIL).**

**- Election du Président de la Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ).**

15H 00 **:** **- Election des représentants de l'Assemblée nationale au sein de la Haute Cour de Justice «HCJ».**

**MARDI 03 DECEMBRE 2024**

10H 00 : **Réunion des membres du Bureau Permanent**

FICHE DE PRESENCE

**CONFERENCE DES PRESIDENTS**

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|---|---|---|
| 01 | TOKELY Justin | Président |
| 02 | FOMENDRAZA Haingo Elisette | Vice-Président |
| 03 | MILAVONJY Andriasy Philobert | Rapporteur Général |
| 04 | RAHOLIJAONA Harson | Rapporteur Général Adjoint |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| N° d'ordre | COMMISSIONS PERMANENTES | NOMS ET PRENOMS | ENTITE |
|---|---|---|---|
| 01 | Commission de la Défense Nationale | IMBIKY Herilaza | IRMAR |
| 02 | Commission Juridique | RABY SAVATSARA Ain'Harimanga Gabrielle | IRMAR |
| 03 | Commission des Affaires Etrangères | RAZAFIMAMAHATRATRA Daniel Jean christian | IRMAR |
| 04 | Commission de l'Economie et des Finances | RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard | IRMAR |
| 05 | Commission de la Sécurité Publique | NAKANY Charly Zafimagnely | INDEPENDANT |
| 06 | Commission de l'Agriculture et de l'Elevage | RAZAFINDRABARY Richard | IRMAR |
| 07 | Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique | Pr RAZAFIHARISON Andriamanantena | IRMAR |
| 09 | Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle | RANDRIANANTENAINA Olivier Anthony José | FIRAISANKINA |

| | | | |
|---|---|---|---|
| 10 | Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunications | RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie | IRMAR |
| 11 | Commission des Transports et de la Météorologie | RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona | INDEPENDANT |
| 12 | Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène | SAORY ChRISTIAN | INDEPENDANT |
| 13 | Commission des Mines | RATSIMANDRIONA Aida Hardy | IRMAR |
| 14 | Commission de la Jeunesse et des Sports | RATSIVAHINISOLO Andriniony | IRMAR |
| 15 | Commission des Nouvelles Villes et de l'Habitat et de l'Aménagement du Territoire | RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry | IRMAR |

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

| N° d'ordre | GROUPES PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS |
|---|---|---|
| 01 | **IRMAR** | RESAMPA André Hajarimalala |
| 02 | **FIRAISANKINA** | RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina |
| 03 | **GPRI** | ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa |
| 04 | **UPAR** | RAKOTOSON Hubert |

**REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

| N° d'ordre | GROUPES PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS |
|---|---|---|
| **1** | **IRMAR** | RESAMPA André Hajarimalala |
| **2** | **FRAISANKINA** | RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina |

**<u>Représentants du Gouvernement</u>**
- RAKOTONDRASOAVA Fetra, SG MCC
- RAHALISON Adolphe, DAJ MCC
- ANITTA Léonce, SRI Primature
- RAMINOSOA Arozoa, DLC Primature

Rehefa izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha, Andriamatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny Solombavambahoaka ary nomeny fitenenana izay nangataka izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien, mikasika ny zavatra hatao rahampitso no nitondrany fanamarihana satria efa niresaka tamin'ny Minisitra ny tenany ka nanambara ity farany fa tsy ho afaka hanatrika ny asam-boamiera izy. Koa raha mety, aleo ahemotra ny Alakamisy ho avy izao amin'ny 10 ora, maraina, io fihaonana aminy io.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa mety izay sosokevitra izay satria tsy misy asa atao amin'io andro io.

Nanamafy, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga, fa mety izay sosokevitra izay satria fotoana ahafahana mamonjy ny Distrika misy azy ireo ny fotoana tsy fisian'ny atao tahaka izany mba hanomanana ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna. Raha azo atao, aleo tazonina ho rahampitso ihany io asam-baomiera io.

Namaly, Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien, fa efa niresaka tamin'Andriamatoa Minisitra ny tenany ary nilaza izy fa tsy ho afaka rahampitso, ka aleo ahemotra amin'ny herinandro raha tsy mety amin'ny Alakamisy.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra izay hevitra teo izay satria sarotra ny hanery ny Minisitra raha tsy ho afaka izy rahampitso ary hijery fotoana hafa ny Solombavambahoaka.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nanaiky fa ahemotra amin'ny manaraka ny fihaonana amin'ny Minisitry ny Atitany; Solombavambahoaka miisa 14 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny asam-baomiera hihaonana amin'ny Minisitry ny Atitany.

Tsy nisy fanamarihana mikasika ny Diniky ny Filoha intsony, ka niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory ary nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova Adrien Marie, nambarany fa fotoam-pivoriana handinihana ny tetibolam-panjakana no tena fototr'izao fivoriana izao, kanefa raha io datin'ny faha-29 Novambra 2024 io, kely loatra ny fotoana handinihana azy eto amin'ny fivoriambe. Izany hoe, mangataka mba hampiana ny fe-potoana handinihana ny "loi de finances pour 2025" io.

Manarak'izay, amin'ny datin'ny Alarobia 20 Novambra 2024 momba ny fivoriambe anaovana «présentation du projet filets de sécurité et de résilience» iarahana amin'ny FID, tsara raha mba tonga eto koa ry zareo avy amin'ny Minisiteran'ny Mponina, ny BNGRC, ny PAM, ny INSTAT satria tokony hisitraka ny tetikasa daholo ny Faritra rehetra eto amintsika.

Araka ny tenin'ny namana teo hoy Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin raha nandray fitenenana, tena mila iadian-kevitra tokoa io "loi de finances" io. Raha manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro dia izay fotoana iravana eo no iravana, eny na ho maraina aza ny andro.

Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine kosa nanambara fa ho avy ny fampielezan-kevitra ho an'ny Ben'ny Tanàna amin'ny faha-19 Novambra izao. Samy hanao izay hampandany ny kandidany ny rehetra kanefa ny asa hatao ato amin'ny Lapa azo lazaina fa maro. Tsy mety ve raha mba tsy asiana programa eto amin'ny Antenimierampirenena amin'io daty io.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa raha ny momba izay, maro ny "projet de loi" mbola ho tonga eto amin'ny Antenimierampirenena. Androany fotsiny aza dia efa nisy roa no tonga, ka sao tsy hotratra ny fandinihana azy. Izay no olana. Mbola hisy ny fihaonana amin'ny Governemanta aorian'ny faha-3 Desambra izay tsy maintsy alamina ary ny fivoriana koa hifarana amin'ny faha-13 Desambra. Izay no zava-misy ary fanampin'izany, asam-baomiera no hatao amin'io faha-19 Novambra io, ka tsy tokony hisy hanahirana.

Momba ny datin'ny faha-29 Novambra indray, nisy hevitra roa no nipoitra teo: ny iray hafindra ny daty ihaonana amin'ny Minisitry ny Atitany; ny faharoa, rehefa Zoma, lasa mamonjy ny Distrika nahavoafidy azy ny Solombavambahoaka.

Mbola nomena fitenenana, Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine, nambarany fa ny "loi de finances" aloha no tena zava-dehibe, ka raha misy programa tsy tratra, afaka manao «session extraordinaire» amin'ny volana Janoary raha ilaina izany.

Andriamatoa NASIRA Julien kosa nanamafy ny voalazan'ny namany teo hoe: azo atao ny "session extraordinaire" kanefa ny fifidianana Ben'ny Tanàna koa anisan'ny zava-dehibe.

Andriamatoa PEPIN Michou kosa mbola nanamafy fa aleo asiana "session extraordinaire" raha misy tsy tratra satria samy zavatra manan-danja daholo no hodinihana.

Rehefa izany, namaly Andriamatoa Filoha, fa ny Governemanta ihany no manapaka ny fisian'ny "session extraordinaire" amin'ny volana Janoary na tsia fa tsy ny Antenimierampirenena.
Marihana fa mbola mitohy ihany koa ny fivoriana amin'ny faha-4 Desambra ka hatramin'ny faha-12 Desambra 2024 izao, ka ny zavatra mety tsy hovitantsika amin'ny faha-19 Novambra dia aleo afindra eo anelanelan'ireo daty voalaza eo ambony ireo satria misy zavatra hafa maika ilain'ny firenena koa. Izay no hanapahana hevitra izao.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard dia nampahatsiahy fa amin'ny faha-11 Desambra 2024 izao ny fifidianana ary ny faha-9 Desambra 2024 no mifarana ny fampielezan-kevitra. Izany hoe, mandrapahatongan'ny faha-8 Desambra, tena ho mafy ny fanaovana fampielezan-kevitra. Izany hoe amin'ny faha-4 ka hatramin'ny faha-9 Desambra no hiasa mafy hampandany ny "Maire" isika.

Andriamatoa RANDRIARISON Maurice Lucien kosa nanambara fa tsy maintsy miala herinandro mialoha eto Antananarivo ny tenany, koa maninona raha mba omena fahafahana aloha ny Solombavambahoaka mba hanokatra ny fampielezan-kevitra. Miverina afaka herinandro dia miasa eto indray. Mety ity fandaharam-potoana ity raha ny fijery azy ka aleo laniana amin'izay.

Andriamatoa RAMANANARIVO Handry Orlando dia nanontany an'Andriamatoa Filoha hoe: inona no antony tsy nanasiana fivoriana ny datin'ny faha-14 sy ny faha-15 Novambra 2024.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa tsy misy antony manokana no tsy nanasiana fivoriana amin'ireo daty ireo.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RABY TSAVATSARAH Ain'Harimanga, nanamarika fa asam-baomiera no betsaka amin'izao fandaharam-potoana izao. Raha hofenoina ireo daty roa voalaza ireo, tsy mampiova zavatra izany. Ny fangatahana, rehefa lany ny "loi de finances", aleo mba alefa manao fampielezan-kevitra ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa kosa nanontany hoe: rahoviana no ho tonga "loi de finances" satria izay no tena zava-dehibe amin'izao fivoriana izao.

Mikasika ity "ordre du jour" izay holaniana ity, raha ny hita maso, vitsivitsy ihany ny Solombavambahoaka tonga mivory. Ain'ny firenena anefa ny tetibola, ka sao hitovy amin'izao no hitranga rehefa handany azy isika. Aleo miaraka tonga daholo rehefa miasa fa ajanony aloha ny any amin'ny toerana misy ny tsirairay.

Namaly, Andriamatoa Filoha fa efa manao "multiplication"-n'ny "document" momba ny «loi de finances pour 2025» amin'izao fotoana izao, ka ho avy eny amin'ny Solombavambahoaka ihany izany.

Momba ny fifidianana Ben'ny Tanàna, raha tadidinareo ny kabary nataoko tamin'ny fanokafana ity fivoriana ara-potoana faharoa ity dia efa natsidika izay zavatra izay. Tsy misy ihany koa "texte" milaza fa rehefa misy fifidianana Ben'ny Tanàna dia tsy mivory ny Antenimierampirenena, fa anjarantsika no mandamina ny fotoana. Afaka manampy ny Ben'ny Tanàna isika saingy tsy atao ambanin-javatra koa ny fivoriana. Samy zava-dehibe na ny fifidianana Ben'ny Tanàna na ny fivoriana ataontsika, ka aleo asiana fandanjalanjana.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa GOULAMALY Jacques Bruno Fils, momba ny famaranana ny fivoriana no nasiany teny: mety ve raha atao amin'ny faha-16 Desambra 2024 izany satria tsy hahatratra ny faha-13 Desambra 2024 izay Solombavambahoaka lavitra.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa araka ny nolazaiko teo, mila mahay mandanjalanja isika. Tsy mety koa izay satria 60 andro no voalazan'ny lalàna.

Handraisana fanapahan-kevitra hoy Andriamatoa Filoha ny hoe: ajanona amin'izao ihany io datin'ny faha-19 Novambra 2024 io sa hesorina ary halefa eo anelanelan'ny faha-4 sy ny faha-12 Desambra 2024.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nanaiky ny hitazonana ny datin'ny faha-19 Novambra; Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny hitazonana ny zavatra tokony hatao amin'io daty io.

Nisy nilaza fa tsy ampy ny fotoana amin'ny faha-29 Novambra 2024 handinihana ny «loi de finances», ka tokony hampiana izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 37 no nanaiky fa amin'ny datin'ny faha-29 Novambra 2024 dia tohizana mandrapahavitany ny fivoriana; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 46 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Zoma 8 Novambra 2024 ka hatramin'ny Talata 3 Desambra 2024.

Tsy nanana fanamarihana ny solotenan'ny Governemanta, taorian'ny fahalanian'ny fandaharam-potoana, rehefa nomena fitenenana.

Mbola nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova Adrien Marie, ka fanamafisana ny fangatahany tany aloha no nambarany.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa voaray ny momba izay ary hantsoina ireo Minisitra sy ny tomponandraikitra voalaza teo ireo.

Niato tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**